# ANDAO!

Fampaherezana ny fiangonana amin'ny iraka lehibe

Boky faha-2, Andiany faha 2



## AVY AIZA NY FAMONJENA AHY?

Moa ve ny vavaka no ivon'ny asa fanompoanao?

Ny iraka sy ny ady ara-panahy

Hiverina any an-Tendrombohitra Ambaricho

# FEHINY









## 03 FANEHOAN-KEVITRA

## 04 AHOANA NO AHAFAHANTSIKA REHETRA MANOLO -TENA AMIN'NY ASAN'ANDRIAMANITRA

Ny antony mahatonga ny misionera tokony hanakaiky ny Tompo hatrany sy hihazona fiainam-bavaka matanjaka. Ny antony mahatonga ny fiangonana mila mahatoky amin' ny fivavahana ho an'ireo misionera alefany.

## 05 MITAFY NY HERIN'NY VAVAKA

Ny hoe misionera dia midika fanoloran-tena ho amin'ny ady ara-panahy. JFK Mensah dia manazava ny maha zava-dehibe ny fahaizan' ny misionera rehetra mivavaka amin' ny anarana feno fahefana an' i Jesosy.

## 06 ANDRIAMANITRA NAMPIANATRA ANTSIKA HIVAVAKA

Ny vokatra tsy nampoizina noho ny krizy tao amin'ny fianakaviana iray: nisian'ny tendrombohitra iray natokana ho an'ny vavaka sy ny fananganana ny Rhizha Center ho an'ny vavaka sy fialan-tsasatra.

## 08 MIVERENA ANY AN-TENDROMBOHITRA

Ny tantaran'i Desta Langena sy ny fomba nandravan'ny vavaka ny toeram-pamaharana, izay nitondra fifohazana ary nitarika fananganana hetsika fivavahana sy iraka vaovao tao Etiopia.

## 09 FOMBA FIJERY


Cosette Kashalé momba ny anjara toerana lehiben' ny vavaka eo amin' ny asa fitoriana.

## 10 ANDAO! Vaovao avy amin'ny fiangonana mpanentana ao Afrika
## 13 Mponin'izao tontolo izao: ny Toaregy


© 2019 **AFRIGO !**
Ny **ANDAO !** dia fandikan -teny amin'ny teny malagasy nataon'i ekipa ny ***SIM Madagascar*** avy amin'ilay gazety -boky amin'ny teny anglisy antsoina hoe **AFRIGO !**
Famoahana isan-telovolana izany izay manana tanjona hanaitra ny saina sy hanome aingam -panahy ho an' ireo fiangonana Afrikana sy ireo mpikambana ao amin' ny asa fitoriana an'Andriamanitra manerana izao tontolo izao , ary hanome azy ireo loharanom -pitaovana hanamorana ny fandraisan 'izy ireo anjara amin'ity asa ity.

- Ity gazety -boky Andao ! ity dia azo jerena ihany koa amin'ny aterineto amin'ity pejy ity: ***https://afrigo.org/andao/***
- Raha liana amin'ny fanohanana ny asa fitoriana eto Madagasikara ianao , na te-handray anjara amin'ny Iraka Lehibe , ka maniry ny hahafantatra bebe kokoa an'i ***SIM Madagascar***, dia aza misalasala mifandray amin'ny laharana : ***+261 38 48 756 76***
- Raha mila fanazavana fanampiny amin'ny teny anglisy momba ity gazety-boky ity, dia tsidiho ny pejy ***www.afrigo.org*** na manorata amin'ny ***info@afrigo.org***

*Fanamarihana : ny sary nampiasaina dia nofantenana tamin'ny sary "zo maimaim -poana". Raha misy olana ara-piarovana, dia ampiasaina ny solon'anarana.*



# AMIN' NY ALALAN' NY VAVAKA

## NY FANAMBARANA NY FIANKINANTSIKA AMIN'ANDRIAMANITRA

Faly aho manompo amin' ny iraka iray izay manana teny filamatra nanomboka tamin' ny taona 1935 hoe « Amin' ny alalan'ny vavaka ». Tsy teny filamatra manintona natao ho ravaka amin ' ny literatiorantsika fotsiny izany , fa faharesen-dahatra voasokitra ao am-pontsika. Tsy haingo ara-pivavahana fotsiny, fa soatoavina fototra izay tena zava -dehibe aminay.

Tamin' ny alalan' ny vavaka dia anarivony ireo mpiasa avy amin' ny kolontsaina samihafa no nandeha ka nianatra fiteny vaovao, nandresy ireo sakana amin' ny filazantsara, ary nampahafantatra an' i Kristy tany amin' ny toerana izay tsy mbola nahafantarana Azy. Amin' ny alalan' ny vavaka dia mitsaoka an' Andriamanitra isika, mikatsaka ny fitarihany, mangataka loharanom-pitaovana, ary mangataka ny Fanahy Masina mba hameno ny asa fanompoantsika amin' ny heriny. Ny vavaka dia zava-dehibe ho an' ny fiainana sy ny asa fanompoana ataon' ny misionera tsirairay.

Ny vavaka dia tsy fameno na adidy eo amin' ny asa fanompoana mitondro zotra amin' ny hafa, io no mamolavola ny lafiny tsirairay amin' ny ministera rehetra. Ny asa fitoriana dia miankina amin' ny vavaka. Amin' ny alalan' ny vavaka no mahazo antso isika. Amin' ny vavaka no mamaly ireo varavarana misokatra nandritra ny fotoana ela na vao haingana isika mba hanambarantsika an' i Kristy voahombo ary natsangana tamin' ny maty any amin' ireo fiarahamonina izay tsy mbola nahafantatra Azy. Ny vavaka dia maneho ireo sakana, ary amin' ny alalan' ny vavaka irery ihany isika no afaka miatrika izany. Ny vavaka dia tsy fombafomba foana, ny vavaka dia fomba maneho fitiavana sy fangorahana ho an' ny hafa. Tsy misy toetra izay tokony hamaritana ny misionera iray tahaka ny fiainam-bavaka.

Amin' ny alalan' ny Soratra Masina, mahafantatra isika fa mamaly vavaka Andriamanitra. Indraindray Izy mamaly eo no ho eo toy ireo fahagagana maro voatantara ao amin' ny Testamenta Taloha sy Vaovao.

Amin' ny fotoana hafa indray dia maharitra antaonany maro ny valim-bavaka. Abrahama ohatra dia nila niandry efa ho 25 taona izay vao notanterahin' Andriamanitra ny teny fampanantenana hanome azy zanaka. Na inona fomba na oviana fotoana, mamaly vavaka Andriamanitra. Mibaiko antsika hivavaka Andriamanirta. Rehefa mametraka ny vavaka ho ivon' ny fiainantsika sy ny ministerantsika isika dia manambara ny fiankinantsika tanteraka amin' Andriamanitra.

Amin' ity laharana Andao! ity isika dia hanasongadina ny vavaka. Mahafantatra isika fa tsy misy ezaka ataon' ny misionera hahomby raha toa ka tsy milona ao anaty vavaka izy. Misy ireo karazana vavaka izay samy manan-danja avokoa.

Ny mpanoratra JFK Mensah avy any Ghana dia manolotra antsika lahatsoratra izay tena ilaina eo amin' ny ady ara-panahy, izay tena tokony ho fantatry ny misionera rehetra tsara. Mme Cosette Kashalé avy any Côte d'Ivoire, izay nandray anjara tamin' ity fizarana mahazatra ity, dia miresaka amintsika izay mety ho vita rehefa manomana ny kianja ao anatin' ny vavaka isika, ary mitantara amintsika iray amin' ireo traikefany amin' ny ady ara-panahy.

Ahitantsika lahatsoratra ny amin' ny vohitry ny vavaka koa ity lahatsoratra ity (any Etiopia ary any Nizeria), ary koa mampahafantatra antsika an' i Rhiza, toerana mahafinaritra izay hisitahana ara-panahy any Nizeria, nitsangana tamin' ny alalan' ny vavaka mba hisitrahan' ireo mpiasa kristiana toerana milamina hisintahana ary hivavahana. Ahitana vaovaon' ireo misionera, ary koa fampitaovana azo ampiharina ary vahoaka izay mila ny vavakao. Ny vavaka dia tsy fanehoana fiainam-panahy ambony kokoa, fa fanambarana ny fiankinana tanteraka amin' Andriamanitra. Rehefa mamaky ity laharana Andao! ity ianao, enga anie ho velona indray ny fiainam-bavakao manokana ho an' ireo asa fitoriana maneran-tany ary enga anie ny vavaka ataonao ho an' ny asa fitoriana maneran-tany handrakotra ny efitranon' ny seza fiandrianan' ny lanitra hoan'ireo mpiasa misionera.

***Rév. Dr Joshua Bogunjoko Directeur international, SIM***

# AHOANA NO AHAFAHANTSIKA REHETRA MANOLO-TENA AMIN' NY ASAN' ANDRIAMANITRA?

Ny fifandraisana akaiky amin' ny Tompo dia zava-dehibe ho an' ny Kristianina tsirairay, indrindra ho an' ireo izay miatrika fiainana misiônera. Mora ny manadino na manemotra ireo fotoam-bavaka tsy tapaka sy ny manadino ny miantehitra amin' ny Tompo.

Anefa zava-dehibe izany. Andriamanitra dia milaza fa ny fifandraisantsika manokana Aminy dia zava-dehibe kokoa noho izay rehetra ataontsika ho Azy. Rehefa misy elanelana ao amin' ny fifandraisantsika manokana amin' ny Tompo dia mety ho kivy isika eo amin' ny asa fanompoana ataontsika ary ho azon' ny fakam- panahy.

Eo amin' ny sahan' ny misiona dia mety tsy ho mora ny hanana fitsipi-pifehezana ara-panahy sy ny fiarahana amin' ny Tompo isan' andro. Na dia tsara orina aza ny laharam-pahamehanao , dia mety ho lasa sarotra kokoa sy tsy ara-dalàna izy ireo raha vao any amin' ny toerana vahiny ianao ary miova ny fanaonao mahazatra.

Matetika ny asa atao na ny asa fanompoana mihitsy no mety hanelingelina antsika amin 'ny fotoana tokony hanokanana antsika ho an' ny Tompo. Mety hanamarina ny tenantsika amin' ny filazana fa be atao " amin 'ny asa" isika. Na izany aza, mety hampidi-doza izany , satria mety hiankina amin 'ny fananantsika manokana isika , fa tsy hikatsaka ny loharanon' ny fiainantsika ao Aminy.

Ao amin 'ny Jaona 15, dia nampianatra ny mpianany i Jesoa fa Izy no tena voaloboka ary isika no sampana . Tsy afaka mamoa irery ny sampana . Raha mitoetra ao Aminy ihany isika vao afaka mamoa . Zava -dehibe ny hanamafisan' ny misiônera ny fifandraisany amin' ny Tompo alohan' ny hanirahan' ny Fiangonany azy ireo.

### Manohana ireo misionera amin 'ny alalan 'ny vavaka .

Tsy ireo misiônera ihany no tsy maintsy manolo-tena amin' ny tena voaloboka. Ny fiangonana dia antsoina koa hitoetra ao amin'ny Tompo. Rehefa izany izy ireo dia lasa matanjaka kokoa sy mahatratra ny fivelarany feno ary mamokatra be tahaka ireo misiônerany .

Indraindray ny fiangonana dia mampanantena fanohanana amin 'ny alalan' ny vavaka ary maharitra mandritra ny fotoana fohy, saingy avy eo dia tsy zatra mivavaka ho an'ireo izay nirahiny. Hadinon'izy ireo fa ady ara-panahy ny fitoriana ny vaovao tsara, ary avelany hiharan'ny fanafihana ny misionera.

Raha toa ianao ka nandefa fianakaviana na olona iray hanompo an' Andriamanitra any amina kolotsaina hafa, dia angataho izy ireo mba handefa vaovao ho anao tsy tapaka ho entina am-bavaka ... ary avy eo dia miara-mivory ny fiangonana sy mivavaka ho azy ireo. Mety ihisy fotoana ihany koa haniry ny hifady hanina ianao . Tadidio fa anisan 'ny fanompoana tena lehibe ataon ' ny irakao ianao .

Afaka mivavaka ho an' ireo misiônera amin' ny ankapobeny koa ianao, ary manohana azy ireo amin ' ny vavaka tsy tapaka. Eo amin'ny sary eo ankavanana, misy môdely izay azonao ampiasaina raha te hivavaka isan' andro ao anatin 'ny herinandro. Afaka manampy fanontaniana manokana ho an'ireo misiôneranao ianao ao amin'ny fizarana mifanaraka.

### ALAHADY– FIAINAM-PANAHY

Fotoana hamakiana sy hivavahana. Fanamafisana ny fifandraisana amin' Andriamanitra. Fampaherezana sy fifandraisana

### ALATSINAINY - FIAINANA MANOKANA

Ny fifandraisana eo amin'ny mpivady, ray aman-dreny sy ny zanaka. Tohizo ny fifandraisana amin' ny fianakaviana ao an-trano. Ampitomboy ny finamanana amin'ny olona ao an-toerana. Tandremo ny fahasalamanao, ny herinao ary ny fitsaharanao. Fiarovana ara-batana sy ara-panahy.

### TALATA–FIFANDRAISANA AMIN' NY FOMBA SY FITENY

Fanatsarana ny fianarana ny fiteny sy ny fanazarana amin' ny kolontsaina. Fahatsorana, fahaiza-mamorona ary fahaza-mitory ny mampianatra.

### ALAROBIA – FIFANDRAISANA AMIN' NY HAFA

Fampivelarana fifandraisana mirindra sy mahomby amin' ny kristianina hafa, mpikambana ao amin' ny ekipa ary mpitarika fiangonana eo an-toerana. Fitazonana fifandraisana tsara amin' ireo fiangonana naniraka sy mpiara-mivavaka.

### ALAKAMISY – FITORIANA NY FILAZANTSARA

Fampitomboana ny herim-po sy fitarihan'ny Fanahy Masina amin' ny asa fitoriana, maneho fahamasinana sy fahatsaram-panahy. Fananganana paikady hanokafana varavarana ho amin' ny Filazantsara sy hanorenana ny Fiangonan' i Kristy. Ho an' ny hetsika misionera avy amin'ny mponina eo an-toerana.

### ZOMA – FANAOVANA MPIANATRA

Faharetana sy fahalalana ara-po. Fanentanana ho an' ireo mino vaovao sy fanomanana ireo manana fanomezam -pahasoavana ho mpitarika . Fanomezana fahendrena sy fahazotoana mandinika.

### SABOTSY –FIRENENA MAMPIANTRANO

Fitondrana ambavaka ireo manampahefana. Toe-draharaha ara -politika. Fahafahana mivavaka tsy misy sakana. Famindram-po eo imason' ireo mpiasam-panjakana amin' ny raharaha ilaina amin' ny fiainana andavanandro, toy ny fanavaozana ny visa sy fahazoan-dalana hiasa.

Tsy misy asa fanompoana mahomby raha tsy amin'ny fanampian' Andriamanitra sy ny fitahiany. Ny tanjona, drafitra ary hetsika rehetra dia tokony hateraka amin'ny vavaka ary hatolotra an' Andriamanitra amin' ny vavaka. Samy manana andraikitra amin'ny vavaka na ireo nirahina na ireo maniraka. Satria amin' Andriamanitra isika, dia mivavaka.

# MITAFY NY HERIN'NY VAVAKA

NATAON'NY JFK MENSAH

Mielipatrana any Afrika ny asan' ny demonia satria eken' ny Afrikana ny fisian' ny fanahy mihoatra ny natiora sy ny razana, andriamanitra kely ary andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra. Manjaka eo amin' ny fiainan' ny Kristianina sy ny Silamo ny herin' ny ody tsara vintana, ny sampy ary ny ody hafa, miaraka amin' ny tahotra ny hanafintohina ireo andriamanitra na razambe. Ny tahotra ny filalaovana ody sy ny ozona mifangaro amin' ny faniriana hampifaly ireo andriamanitra sy ny maty, na hanolotra sorona mba hampitonena azy ireo, no mahatonga ny fisian' ny dadarabe sy ny mpamosavy.

Ny ady ara -panahy dia ady eo amin' ny fanjakan 'Andriamanitra sy ny fanjakan' i Satana (Mat . 12 :26 -28); ady eo amin' ny fiangonan' i Jesôsy sy ny vavahadin 'ny helo (Mat.16 :18); ady eo amin'ny filan'ny nofo sy ny fanirian' ny Fanahy (Galatiana 5:17); ady eo amin' i Mikaela sy ny anjelin' Andriamanitra etsy andaniny ary ilay dragona sy ny anjeliny kosa etsy ankilany (Apokalypsy 12:7). Ny asa fanompoana nataon' i Jesosy Kristy Tompontsika dia mampiseho amintsika ny maha-zava-dehibe ny ady ara-panahy. Tsy nisy fitantarana fandroahana demony ao amin' ny Testamenta Taloha. Ny zava-nitranga akaiky indrindra dia hita ao amin' ny 1 Samoela 16: 23, fony Saoly Mpanjaka nijaly noho ny fanahy ratsy avy amin' Andriamanitra, ary Davida tanora nitendry harpa mba hampitony azy. Na izany aza, ny Filazantsara dia miresaka momba an' i Jesosy niady tamin' ny demonia sy nandroaka azy ireo tamin' ny fahefana ( Marka 1:23-28, 39; 3:10-11; 5:1-20 ; 7:25-30). Nanaitra ny vahoaka ny fampianaran' i Jesoa satria nandidy ireo fanahy maloto Izy ary nankatoa Azy izy ireo.

Nanome hery sy fahefana ho an ' ireo apostoliny roa ambin ny folo sy ireo mpianany 72 koa i Jesôsy mba hahafahan ' izy ireo mandroaka demonia amin ' ny anarany , na dia talohan ' ny hazo fijaliana sy ny fitsanganany tamin 'ny maty aza (Lioka 9:1;10:17-19). Hoy Izy, taorian ' ny nitsanganany maty : "Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany..." ( Mat. 28:18).

## Miady amin'ny a alalan' ny vavaka sy fifadian-kanina

Misionera tany Afrika Avaratra nandritra ny efa-taona aho sy ny fianakaviako, ary nampianatra ny fahaizana fototra tao amin' ny ordinatera na mpisolo saina. Nampianatra tao amin' ny oniversite i Georgina vadiko ary mpitsabo tao amin' ny toeram-pitsaboana tsy miankina sy tao amin 'ny fiarahamonina ny anabaviko. Silamo ny ankamaroan' ny mponina ao amin' ny firenena . Mihamitombo hatrany ny elanelana misy eo amin' ny manankarena sy ny mahantra.

Ny polisy mpanao kolikoly dia nisoloky ireo mpamily taxi . Saika tsy nisy ny fanangonana fako. Teto amin' ity firenena ity dia andro fiasana ny alahady. Nitaky valiny tokoa izany toe -javatra izany. Nanomana lisitra vavaka amin'ny antsipiriany àry ireo mpitarika kristiana, izay nandrakotra ny filàna sy olana rehetra atrehin 'ity firenena ity. Nanetsika ireo fiangonana evanjelika sasany teto an- drenivohitra izy ireo mba hanomboka ny fifadian-kanina sy ny ady ara-panahy mandritra ny efapolo andro.

Nahavariana ny vokatr' izany fifadian - kanina izany. Tamin' io herinandro io ihany dia nanomboka nivavaka momba ny kolikoly nataon' ny polisy izahay, nitokona ireo mpamily taxi. Nandritra ny fanadihadiana dia nanome baiko avy hatrany ny mpitandro filaminana mba hialan' ireo polisy eny amin' ny arabe ka noho izany dia nesorina ny toeram-pisavana, izay tena nanamaivana ny sain' ny rehetra. Toy izany koa, nandritra ny herinandro dia nivavaka izahay mba hanesorana ny fako tao an-tanàna, dia fiara vaventy mpitondra fako miisa dimampolo teo ho eo no nomen' ny firenen 'Israely , nandeha nanodidina ny tanàna lehibe nanangona ny fako.

Ny nahagaga anay farany dia ny fanambaran' ny Filoham-pirenena fa lasa asabotsy sy alahady ny faran' ny herinandro nanomboka tamin' izany. Fiovana lehibe izany, raha nandritra ny 30 taona dia zoma




sy asabotsy ny faran ' ny herinandro. Izany dia fanehoana ny herin' ny fifadian-kanina sy ny vavaka ary ny ady ara-panahy.

Tena ilain' ny misionera rehetra any Afrika ny miofana amin' ny ady ara-panahy izay atao amin' ny alalan' ny hery sy ny fahefan' ny anaran' i Jesosy . Tokony ho tonga saina mandrakariva amin' izany isika ary tadidio fa arakaraky ny maha ampy fitaovana sy traikefa ny vavaka momban' ny ady ara-panahy no maha mahomby kokoa ny amin' ny asa fitoriana.

Joseph FK Mensah sy ny vadiny Georgina dia mipetraka any Ghana, ary izy ireo dia mitantana ny Sekoly Ara-baibolin' ny Christlike Disciplemakers Movement (Hetsika manabe ireo mpanao mpianatra ho tahaka an' i Kristy). Nanoratra boky maromaro izy ireo izay manampy amin' ny fanatanterahana ny faniriany hanao mpianatra tahaka an' i Kristy manerana an' izao tontolo izao. Manan-janaka dimy sy zafikely telo izy ireo.



*The Lost Art of Spiritual Warfare (Ny kanto verin' ny ady ara-panahy). Ity boky nosoratan'i Joseph sy Georgina Mensah, mpanoratra manana traikefa, dia loharano tena ilaina.Victorious Christian Life Series, Ghana http://www.viclifeseries.cdmworld.org/ index.html*

*http://amzn.to/2mQNDrd*

# ANDRIAMANITRA NAMPIANATRA ANTSIKA IVAVAKA

**Ny Koreana Sung sy Jae Ok Lee no mitantana ny Foibe Rhizha Prayer and Retreat akaikin' i Jos, Nizeria. Nanomboka tamin'ny 2004 dia niara-niasa tamin'ny Fikambanana Evanjelika Misiônera (EMS) tamin'ny fanofanana ireo misiônera izy ireo. Ary manome azy ireo toerana tsara tarehy hivavahana.**

Sung Lee dia nivavaka tahaka izao: "Tompo ô, inona no tianao hataonay? Nalainao ny zanakay vavimatoa. Ankehitriny, nilaza ny zanakay faravavy fa tsy manana hery hanohizana ny ady izy. Tianao handao ny sahan' ny misiôna ve izahay mba hikarakarana azy? Ary na dia handeha hijery azy aza izahay, ahoana no hamahanay ny olan' ny fony? " Isan' alina, miaraka amin' ny fahoriana lehibe, dia nanao vavaka tao an- tendrombohitra izy. "Tompo ô, sitrano izy. Mamindrà fo aminay Tompo ô! Ento ny aiko fa tsy ny ainy ... Tompo ô, tsy hahazaka ny alahelo be faharoa izahay! "

Tamin' ny novambra 2008, nandefa izao hafatra izao ho azy ireo ny zanakavavin' i Sung sy Jae Ok, mpianatra eny amin' ny oniversite: "Tsy afaka mianatra aho. Tsy manana antony hanaovana na inona na inona aho". Takatr ' izy ireo avy eo fa niharatsy ny harerahan - tsainy. Ary vao mainka nihamafy ny fahatairana tsapan' izy ireo satria efa namoy zanaka vavy iray tamin' ny lozam - piarakodia izy ireo. Tsy naniry alahelo intsony izy ireo, nefa tsy fantany izay tokony hatao. "Tsy nisy na inona na inona azonay natao mba hanasitranana azy" hoy i Jae Ok "Nihalehibe tany Korea anefa izahay, ka nahafantatra momba ilay antsoina hoe tendrombohitra fivavahana."

Noho izany, isak ' alina, nihanika ny tendrombohitra teo akaikin' ny Foibe Rhizha i Sung. Tao anatin' ny haizina dia nivavaka ho an' ny zanany vavy izy. Nijanona tao an-trano niaraka tamin' ny zanany lahy i Jae Ok ary nivavaka ihany koa.

Roa herinandro taty aoriana, nisy korontana tao Jos. "Lasa tsy dia manan - danja loatra ny mivavaka ho an' ny zanakay vavy raha oharina amin' ny maha-zava-dehibe ny zava-mitranga ao an-tanànanay" hoy i Jae Ok. "Novonoina ny olona. Nodorana ny trano. Tsy misy intsony ny fandriampahalemana. Noho izany dia nampitombo ny fotoam-bavaka ho an' ny zanakay vavy izahay mba hampidirana lohahevitra vavaka ho an' ny tanànan' i Jos."

Nihamafy ny fifanenjanana tao anatin' ny dimy taona manaraka, ary lasa karazana faritra tsy azo aleha ilay tanàna, izay nanakana ny Lees tsy hanohy ny fiofanana isam - bolana ho an' ireo misiônera. Izany no fomba nanokafan' Andriamanitra ny mason' izy ireo sy nanomezany azy ireo fomba fijery mivelatra kokoa momba ny halehiben' ny asa fanompoana azo atao, ny iray amin' izany dia ny fivoaran' ny asa fanompoana amin' ny alalan' ny vavaka eo an -tendrombohitra, izay ahafahan' ny olona manantona sy mitaraina amin' ny Tompo.

## Fanorenana ny Tendrombohitry ny Vavaka

Taorian' ny andrana maro tsy nahomby mba hividianana ampahan -tendrombohitra iray mba hanaovana azy io ho toeram - pivavahana , dia nanampy tamin' ny fomba mahagaga an' i Lees Andriamanitra mba hahazo ilay tendrombohitra izay nanehoana vavaka maro ho an ' ny zanany vavy . Nanorina trano fivavahana teo izy ireo , ary nanomboka nandeha tany ny olona mba hivavaka . Hoy i Jae Ok : "Avy eo dia nomen ' Andriamanitra tendrombohitra faharoa izahay , ary nanorina trano fivavahana hafa izahay."

« Amin ' izao andro izao dia manana trano fivavahana telo izahay . Namorona lalana lava be namakivaky ny tendrombohitra izahay mba hahafahan ' ny olona mivavaka rehefa mandeha tongotra , mipetraka , na manao zavatra araka izay safidiny. »

Nanomboka nivavaka ny fianakavian ' i Lees mba hiarovana ny tontolo manodidina ny Foibe Rhizha, ao amin' ny lohasaha. Teo ankavian' izy ireo dia nisy vondrom-piarahamonina lehibe iray. Ao anatin' izany dia nisy fianakaviana iray izay nampiasa milina fitotona iray tena be tabataba, izay nanakorontana ny fotoam-piofanana nataon' izy ireo. Nivavaka izy ireo indray andro, ka nanao hoe: " Tompo ô, omeo anay ny tany rehetra izay hitanay avy eto amin' ity toerana ity. "Nanomboka tamin' izay dia afaka nividy ity tany ity sy ny maro hafa izy ireo!" Ankehitriny, na manao ahoana na manao ahoana ny haben' ny tanàna, afaka namorona tontolo milamina ho an' ny foibenay izahay," hoy i Jae Ok.

Mitovy amina zaridaina lehibe i Rhizha, miaraka amin' ny hazo kesika, kininina, bararata. Maro ireo zaridaina voninkazo, fantatra amin' ny anarana hoe zaridaina fanasitranana. Toerana mahafinaritra izy io izay ahafahan' ny fiangonana sy ny vondrona kristiana handehanana ialan - tsasatra. Vao haingana ny foibe no nampiantrano ireo mpandray anjara tamin' ny atrikasa fanasitranana ny ratram-po sy ny fotoam- bavaka, ary koa ho an'ny fisintahan' ny mpivady, mpanolotsaina momba ny fivavahana amin' ny fahazazana, sy ny maro hafa.

Manasa mpivady 15 avy ao amin' ny Fikambanana Misionera Evanjelika ny Lees isam - bolana mba ho tonga ao amin' ny foibe mandritra ny herinandro. Niara-namaky ny Baiboly manontolo izy ireo, ary nanaraka fampianarana momba ny "Drafitra faran-tampon' Andriamanitra ."Mandritra ny fiofanana dia manamafy ny maha-zava-dehibe ny vavaka i Sung ary mangataka ny mpandray anjara tsirairay mba hanao fanoloran-tena amin ' izany . Maro no manolo-tena mivavaka isan' andro eo anelanelan' ny 30 minitra sy 2 ora.

"Ny Foiben 'ny vavaka sy ny fisintahana dia nitahy ireo misiônera sy mpiasan 'ny EMS tamin ' ny fomba maro ," hoy ny Rev . Stephen Panya Baba, talen 'ny EMS teo aloha sady talen 'ny EMS International ( Overseas Missions).

**"NY FANIRIANAY DIA HITOHY HO TOERANA HAMPANDROSO NY HETSIKA FIVAVAHANA MBA HOLEHIBE SY MAHARITRA HATRANY AO AMIN ' NY JOS I RHIZHA , KA HISY FIANTRAIKANY EO AMIN ' NY FIRENENA REHETRA SY NY ANY ANKOATRA IZANY , AMIN 'NY ANARAN' NY JESOSY"**



**REV. STEPHEN PANYA BABA**









Ny sampana iray ao amin'ny Fiangonana Evanjelika ao Afrika Andrefana (ECWA), EMS dia mampiasa ny Foibe Rhizha ho an' ny vavaka sy ny fifadian-kanina, ary koa ny fivoriana momba ny paikady sy ny drafitra tokony arahina. "Ilay ivontoerana dia manome fahafahana ho an' ireo misiônerantsika mba haka aina kely amin' ny asa fitoriana izay sarotra matetika rehefa eny an-toerana izy, ka hoavy sy hiala sasatra eo am-pandraisana ireo fampianarana ara-panahy mamelona indray," hoy ny Rev. Stephen.

## "Andriamanitra izay mihaino"

Ahoana no namalian'Andriamanitra ny vavaka ho an'ny zanakavavin' i Lees ka nivoahan' ilay hevitra izay namoronana ilay Tendrombohitry ny Vavaka? Nianatra nivavaka izy tamin' izay. Indray andro, niantso an' i Jae Ok izy, nilaza izy hoe: " Neny, tianao ve ny hiara-mivavaka amin'ny alalan'ny Skype? ". Ilay tovovavy izay nilaza foana teo aloha hoe: "Andriamanitra tsy mihaino ny fivavako; Tsy mahatsapa na inona na inona momba ny fanatrehany aho" ka ankehitriny izy dia manamafy fa tiany indrindra ny hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra. " Nandritran'izay 12 taona lasa teto Rhizha izay dia nampianatra anay hivavaka Andriamanitra", hoy i Jae Ok. " Nampianatra anay hiandry Azy, ary nampianatra anay hihazona ny teny fikasany. Noho ireo sedra maro nifandimby dia nianatra izahay fa Andriamanitra mihaino Izy. "

"Ny Foibe dia manentana ireo mpikambana ao amin'ny EMS sy ny maro hafa mba hivavaka mafy kokoa noho ny teo aloha", hoy ny Rev. Stephen.

"Manantena izahay fa i Rhizha, ankoatra ny fanomezana fahafaham-po ny filàna ara-panahin' ny EMS, dia hitohy ho toerana hampandroso ny hetsika fivavahana mba ho lehibe sy maharitra hatrany ao Jos, ary hisy fiantraikany eo amin' ny firenena rehetra sy ny any ankoatra izany, amin' ny Anaran' i Jesosy. »

# MIVERENA ANY AN-TENDROBOHITRA

## Ahoana no nahatonga ny vavaka nanainga fanavaozana ara-panahy sy ny faniriana handefa misionera?

**Avy teo an-tampon'ny Tendrombohitra Ambaricho, ny Kristianina dia nivavaka mafy mba hanehoana ny tanjaky ny herin'Andriamanitra sy ny fiasany ka hanoherana ny fiarovan'ny mpamosavy ao Aba-Sarecho.**

Hatramin ' ny taranaka miisa 22 , ny foko Kambatta dia nankalaza andiana mpamosavy tao amin ' ny Tendrombohitra Ambaricho tendrombohitra any atsimon' i ho Etiopia, izay heverina masina, noho ny fifandraisany amin' ny fivavahana animisita . (Ny animisita dia olona mino fa manana fanahy ny zavatra, ny biby sy ireo singan-javaboary). Ireo mpino ireo dia nino fa ny toerana avo sy ny zavaboary , toy ny hazo avo sy ny renirano dia andriamanitra.
Saingy niova izany rehetra izany , ary nampiasa fomba tsy mahazatra ny Tompo mba hanatanterahana izany fiovana izany. Tamin' ny taona 1976 , roa taona taorian ' ny nakàn ' ny kaominista ny fahefana , nanomboka fandaharanasa iray ny governemanta mba hanafoanana ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra ary fanaparitahana izany ideolojia politika vaovao izany, mandefa mpampianatra sy mpianatra ho any amin ' ny vondrom - piarahamonina rehetra.

Iray tamin' ny fepetra narahina tamin' izany dia ny momban' ny tranon' ny mpanao ody iray an' i Aba- Sarecho, izay nanesorana ireo zavatra rehetra hiderana ny Satana. Nampitandremana izy mba tsy hanohy ny fombafombany sy ny fomba fanaony. Io fisehoan - javatra io no nanamarika ny fiandohan' ny fiafaran' ny fanompoana sampy teo amin' ny Tendrombohitra Ambariko, izay mampiseho fa afaka mampiasa ny zavatra rehetra Andriamanitra - eny fa na dia ny kaominisma aza - mba handrava ireo sakana. Nanomboka teo, nitombo ny isan' ny fiangonana ary nihanatanjaka ny finoan' ny mpino, ary izany na dia teo aza ny fanenjehana mafy nandritra ny tantaran' ny Fiangonan'ny vahoaka Kambatta.



Rehefa nanomboka nanan-kery teo amin' ny fiaraha-monina tamin' ny fomba tsara ny Kristianina, dia hita fa nahasarika kokoa ny filazantsaran' i Kristy.

### Fifohazana sy fandrosoana ara -panahy !

Ny governemanta kaominista (1974-1991) dia nanao tsindry mafy tamin' ny Kristianina . Nampiasain' Andriamanitra anefa izany fanerena izany mba hitondrana ny vahoakany hanantona Azy, indrindra amin' ny alalan' ny vavaka. Nataony mafana fo kokoa ny fiainam-bavaka ho an' ny Kristianina Ethiopiana. Mampiray ny vatan' i Kristy ihany koa izany ary manadio ny fiainan' ny mpino. Ireo fiangonana miafina dia lasa toeram-pivavahana feno fiainana sy mavitrika.

Tamin' ny 1990, nisy fifohazam-panahy nipoaka tao amin' ny Fiangonana Teza Kale Heywet. Efa nahita olona marary sitrana isika, nandroaka demony ary nahazo fanomezam-pahasoavana ara-panahy ary koa fitiavana vaovao ny vavaka sy ny fifadian-kanina. Tamin' izany fotoana izany, Andriamanitra dia nampiasa ny evanjelista Tesfaye Gebre. Nankatoa an' Andriamanitra i Tesfaye rehefa nahazo fahitana, ka nandany 30 andro nifady hanina sy nivavaka mba hisehoan' ny voninahitry ny Tompo. Nanangona Kristianina tena nanolo-tena miisà 25 mahery izy ary nampirisika azy ireo hahatakatra ny fomba fijeriny ka hitarika fifohazana ara-panahy sy fanoloran-tena hivavaka. Rehefa nitranga io fanavaozana ara-panahy io dia olona maherin' ny 25 000 no nanatona an' i Kristy ary maherin' ny 30 000 no nahazo fanasitranana ara - batana mahagaga.

Tohiny ao amin' ny pejy faha 12



*Desta Langena dia mpitantana ny Ambaricho International Prayer and Missions Mouvement. Taorian' ny fianarany tao amin' ny Oniversiten' i Addis-Abeba, dia nampianatra fizika nandritra ny 12 taona izy, saingy nandao ny asa taorian' ny nahenoany ny antso avy amin'Andriamanitra ho amin' ny ministera. Manana mari-pahaizana master amin' ny iraka sy doctorat amin' ny missiologie i Desta. Nandeha tany amin' ny faritra rehetra eto Etiopia sy any amin' ny firenena hafa izy, namporisika ny fiangonana ho amin' ny vavaka sy ny iraka. I Desta sy ny vadiny Zenebech dia ray aman-drenin'ny ankizy dimy.*

# NY VAVAKA DIA MANOKATRA NY VARAVARANA HO AN' NY FILAZANTSARA.

Eksodosy 17: 8-16 dia mitantara ny tantaran ' i Mosesy sy Josoa niady tamin ' ny Amalekita . Nasain ' i Mosesy nandeha tany an - tsaha niaraka tamin' ny miaramila i Josoa hiady raha mbola tany an- tendrombohitra izy, ka nanangana ny tànany tamin' Andriamanitra . Milaza ny Baiboly fa raha mbola natsangana ho an ' Andriamanitra ny tanan' i Mosesy, dia nandresy ny Isiraely, fa raha vao nampidinina ny tanany, dia tonga malemy ny Isiraely.

Azontsika ampiasaina tsara io fanoharana io mba hiresahana momba ny anjara asan' ny vavaka amin' ny asa fitoriana. I Josoa izay miady eny an - tsaha dia ilay iraka , izany hoe ady mba hakana ireo fanahy babon' ny lehilahy matanjaka, izay ny devoly . Ary ny Tompo dia milaza fa tsy mahazo miditra ao an-tranon' ilay lehilahy matanjaka isika ka haka na inona na inona aminy, raha tsy efa voafatotra aloha ilay lehilahy matanjaka (Mat .12 : 29 ). Vavaka nataon' i Mosesy tamin' ny alalan' ny vavaka izany. Mila mivavaka isika alohan' ny handehanantsika any amin ' ireo izay hanirahan' ny Tompontsika antsika raha te hahomby. Isaky ny nikasika olona izahay ho an' ny Tompontsika dia nahita mazava tsara ny fahasamihafana rehefa nanokana fotoana hivavahana voalohany izahay.

Tamin ' ny Novambra 2016 , nikarakara fitoriana ny filazantsara tao amin ' ny tanàna kely iray antsoina hoe Adjawi any Côte d' Ivoire aho , toerana feno fanompoan-tsampy sy fahantrana goavana ary ireo karazana zava-dratsy rehetra , (zava- mahadomelina, toaka , fivarotan -tena ...) Nila volana maromaro izahay vao afaka nivavaka, ka nahazo alalana tamin' ny lehiben' ny tanàna mba ho afaka hitsidika azy io. Saingy rehefa nandeha ihany izahay tamin' ny farany, dia tsy maintsy nivavaka mafy teo an-toerana mba hisian' ny fandrosoana. Tamin' ny andro voalohan' ny fitoriana ny filazantsara, nandritra ny fandefasana ilay sarimihetsika, dia maizina tampoka ny lanitra ary nanomboka nilatsaka ny orana, ka nanapaka ny fandefasana azy. Ary ny sasany tamin' ny mponina tao an-tanàna dia nanomboka nihiaka hoe: "Mahery ny mpanao ody ao Adjawi! Nirotsaka ny orana, nandresy izy ireo! »

Ny sasany tamin' ireo mpikambana tao amin' ny ekipako dia nialokaloka ary nangataka ahy hanao toy izany koa , izay tsy nety nataoko satria tao an-tsaiko dia nisy feo nilaza tamiko hoe : " Ry Cosette MIVAVAHA amin' Andriamanitrao, Tompon' ny orana, mba hampitsahatra ny orana. "Nipetraka tao anatin' ny orana aho nivavaka tamin' ny Tompon' ny orana, ary tao anatin' ny folo minitra latsaka, nitsahatra ny orana, nisava ny rahona , ary niverina ireo olona izay nandeha nody. Notoriana ny teny ary tamin' io andro io , olona 300 raha kely indrindra no tonga nanaiky an' i Jesoa Tompo . Raha tsy nisy ny vavaka dia tsy ho afaka hahazo izany vokatra izany mihitsy isika . Tamin' ny andro faharoa dia nivavaka indray izahay tao anatin' ny oram-batravatra ary taorian' izay dia olona maherin' ny 600 no nanatona an' i Jesosy . Izany no vokatry ny vavaka izay tsy maintsy atao mialoha, mandritra ary aorian' ny asa fitoriana, na inona na inona mety hitranga. HALLELUJAH!!

Mba hahatontosan' ny olona ny asa dia hoy ny Tompontsika amintsika: " Mivavaha amin' ny Tompon' ny vokatra mba hampandehanan' ny mpiasa hamory ny vokatra ." (Mat . 9:38) Rehefa nahafantatra ny fisian' ireo vahoaka izay velona anefa maty tsy misy an' i Jesosy aho, tamin' ny 1992, dia nanomboka nivavaka mba hahazo famonjena ireo vahoaka ireo, indrindra ho an' ny vahoaka Toaregy (mponina tompon-tany any Afrika mpifindrafindra monina, matetika mpiompy biby fiompy toy ny osy sy ny rameva ary mpivarotra mandehandeha). Avy eo, nahatsapa ny vesatrin' ny fandehanako aho ka nandeha niaraka tamin' ny vehivavy efatra hafa. Nandritra ny dimy taona mahery, nandeha tany Nizera izahay mba hivavaka sy hitory ny filazantsara, ary nahita an' Andriamanitra niasa teo anivon' ireo Toaregy tao Nizera izay valin' ny vavaka nataonay. Nanomboka nandray ny voan' ny Filazantsara ny tany maina ao Nizera ary mbola tonga amintsika ankehitriny ny fijoroana ho vavolombelona.

Nisafidy ny hamonjy an' izao tontolo izao amin' ny alalan' ny fiaraha-miasa amin' ny olombelona Andriamanitra, ary amin' ny alalan' ny vavaka no anasana an' Andriamanitra hiditra an-tsehatra.

Manokatra ny fo ho an' ny Tompo amin' ny alalan' ny vavaka ny fanahy. Hoy ny apostoly Paoly: "Mivavaha ho ahy, mba hisokatra ho ahy ny varavarana, rehefa handeha hitory ny filazantsara aho."

Nivavaka foana i Jesosy Tompo, ilay modely tsara indrindra ho antsika, izay manazava ny fahombiazany tamin' ny asa nanirahana Azy. Niresaka sy nanao izay hitany sy reny momba ny Rainy fotsiny Izy tamin' ny fotoana nifandraisany akaiky taminy.

Tsy afaka ny hahomby amin' ny asa fitoriana isika raha mandeha any amin' ny olona hiresaka momba an' Andriamanitra ka tsy mankany amin' Andriamanitra aloha mba hiresaka aminy momba ny olona, hoy ny lehilahin' Andriamanitra.

Ny vavaka dia tokony ho laharam-pahamehana ho antsika, ny fotoana laniana miaraka amin' Andriamanitra no faniriana lehibe indrindra. Io fotoam-bavaka io dia misy fiantraikany amin' ny fiainantsika, mameno antsika ho amin' ny asa fitoriana, manomana ny tany ary mahatonga azy ho lasa tany tsara ho an' ny Filazantsara, manomana ny fo handray ny Filazantsara. Ao Kôtidivoara, dia milaza hoe: "Tsy manimba ny saosy ny hena be loatra",midika izany fa ny vavaka be loatra dia tsy manimba ny asan' Andriamanitra, fa mifanohitra amin' izany. Andao àry hivavaka tsy an- kijanona (1 Tes. 5:17).



*Cosette Kashalé dia niara-niasa tamin'ny Fondation Christian Missionary Foundation tany Kôtidivoara hatramin'ny 1996. Nandroso tao amin'ny Tompo izy tamin'ny faha - 21 taonany, fony izy tany amin'ny Repoblika Demokratikan' i Kôngô. Nahazo antso avy amin' Andriamanitra izy sy ny vadiny mba hanolo - tena amin 'ny asa fitoriana amin' ny fotoana feno . Na dia efa maty aza ny vadiny , dia nanohy nanompo ny Tompo i Cosette sy ny zanany telo. " Tamin 'ny 2010 , dia nanangana fikambanana tsy mian kina izy mba hikarakara ireo maty vady sy ireo kamboty , ary tamin 'ny 2012 , dia lasa mpitandrina tao amin'ny fiangonana eo an-toerana.iray izy "*

# ANDAO ISIKA ! VAOVAO MOMBA NY FIANGONANA MPANENTANA NY AFRIKA



## Antso misionera marina eo afovoan'ny tifitra basy

« Hoy i Getachew Tsegaye , misionera SIM etiopianina manompo any Sodana Atsimo : " Na dia teo aza ny poa-basy rehetra, dia nohamafisin' ny Tompo ny antsonay. Tsy nihena ny vinanay ho an' i Sodàna Atsimo. "Mandray anjara amin' ny fitoriana ny Filazantsara sy ny fanaovana mpianatra eo anivon' ny Ingessana sy ireo foko hafa monina ao amin' ny tobin' ny mpitsoa - ponenana efatra akaikin' i Doro, Sodana Atsimo i Getachew sy Tibarek vadiny ary ny zanak' izy ireo. Na izany aza, nihamafy ny tsy fifampitokisana eo amin' ireo mpitsoa -ponenana sy ny vondrom-piarahamonina mpampiantrano ao Mabaan tamin' ny Desambra 2016, manohintohina ny ministeran' ny fitoriana ny Filazantsara sy ny fanaovana mpianatra rehetra izany.

Andro vitsy talohan' ny Krismasy 2016, nisy voafonja iray tao amin' ny fonjan' i Mabaan voadaroka sy novonoina. Nanafika ny vondrom-piarahamonin' i Mabaan ny miaramilan' ny ny Nil Bleu sy ny miaramila mpitsoa-ponenana tamin' ny 24 Desambra. Tamin 'ny marainan' ny andron' ny Krismasy, nisy tifitra avy tao amin' ny tobin' ny mpitsoa-ponenana tao Doro. Maro tamin' ireo mponina tao Mabaan no nihazakazaka nankany anaty kirihitra, saingy anisan' ireo niharan' ny herisetra ny manamboninahitra ambony ao amin' ny tafika Mabaan. Nodorana ny trano sy ny biraon' ny polisy.

Nandritra ny roa andro, dia niafina teo ambany fandriany i Getachew sy Tibarek, niaraka tamin' ny olon-dehibe 18 sy ankizy dimy, nivavaka sy nitomany ary namaky ny teny Soratra Masina.



Nitohy ny tifitra basy ny ampitson' iny ary maty i Simony, mpiambina ny toerana. Tamin' ny 27 Desambra , afaka nandeha tany amin' ny foiben ' ny Firenena Mikambana ny ekipa ary nafindra tany Nairobi, Kenya.

"Nandritra ny telo taona sy tapany niasana , dia nisy fiangonana fito no naorinay ary olona 117 avy amin' ny foko samihafa no natao batisa", hoy Getachew. "Maro an' isa no nandre ny Vaovao Mahafaly ary namaly izany."

"Izahay dia nanao mpianatra ireo izay nanapa-kevitra ny hanaraka an' i Jesosy . Narahinay tsirairay ireo mpino vaovao, tao anatin' ny vondrona ary tamin' ny fikambanambe. Nanana vondrona valo tao amin' ny toby mpitsoa - ponenana izahay , tao amin' ny foko samihafa, fa indrindra tao amin ' ny vondrona Ingessanas " Mponina manodidina ny 30 no namoy ny ainy tao Mabaan . Voaroba ny tranon' izy ireo, ny sekoly ambaratonga faharoa ary ny toeram - pitsaboana, ary koa ny foibe ministera fanaovana mpianatra, ny tetikasa momba ny rano ary ny "Tanànan' ny Sakafo ". Vaky ihany koa ny biraon ' ny mpitondra fivavahana : fanaka , kilalao MP 3 - hitantaraina ny tantaran ' ny Baiboly - ary norobaina ireo fitaovana evanjelika.

Ny mpiasan' ny klinika ao Doro dia vao haingana no nanomboka nikarakara toeram-pitsaboana mba hanampiana ireo vondrom-piarahamonina mpampiantrano, izay nipetraka teo ambanin' ny hazo hatramin' ny nandrobana sy nandravana ny tranony. Mivavaha ho an' ity vondrom-piarahamonina ity izay tena tratry ny ratram-po. Mivavaha ho an' ireo mpitondra fivavahanay izay manao asa fanompoana ara-panahy sy ho an' ireo mpiasan' ny fahasalaman' ny fiaraha-monina izay mikatsaka ny hikarakarana ny filana ara-batana.

Pejy vaovao amin' ny tantara ara-panahin' ny Ingessanas no nosoratana tamin' ny Aogositra 2015 rehefa nandao ny toby tao Gendrassa ny andiana tanora avy amin' ny foko mba hitady an' i Getachew. Raha te hahalala bebe kokoa momba ny hetahetan' izy ireo hianatra momba an' i Jesosy, jereo ny Andao! boky 1, laharana 2.




## An'arivony ireo nanatrika ny hetsika fitoriana tany Zambia

Avy amin' ny firenena Afrikana 35, olona 2.649 eo ho eo no nandray anjara tamin' ny fihaonambe PAMOJA-IV tao Lusaka nanomboka ny 28 Desambra 2016 ka hatramin' ny 1 Janoary 2017. Ny teny hoe "Pamoja" dia teny Swahili izay midika hoe "miaraka". Ny vinan' i Pamoja Africa dia ny hamorona taranaka mpitarika vaovao, mpiasa ho amin' ny fanovana sy fanavaozana ny Afrika sy izao tontolo izao.

Ny tanjon' ity hetsika ity dia ny hanomezana fitaovana ireo mpianatra sy matihanina kristianina, ireo mpitarika ny fiangonana ary ireo pasitera izay mikatsaka ny handray anjara amin' ny fanatanterahana ny lamina misiônera. Ny lohahevitra dia hoe "Mampita ny tetikasanao " ary ireo mpandahateny dia nanao lahateny mikasika ny fananganana sy ny fanaovana mpianatra ary ny " mpitarika - mpanompo."

Hoy i Demeke Daniel, misionera any Zambia: "Tena faly aho nihaona tamin' ny solontena 65 avy any Etiopia, ilay taniko izay tsara tarehy. Tena nisarika ahy izany ary nahatsapa fa fotoana izao ho an' ny Etiopiana mba hitsanganana sy hijinja izay nambolen' ireo ray amandreny, izay matahotra an' Andriamanitra, tamin' ny finoana teo amin' ny Fanjakan' Andriamanitra." I Daniel sy Mehret vadiny dia misiônera SIM nalefan' ny Fiangonana Etiopiana Kale Heywet. Mianatra ny fiteny eo an-toerana izy ireo ary mandray anjara amin' ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny asa fanaovana mpianatra.

Ny fihaonambe PAMOJA telo teo aloha dia natao tany Kenya , any Kôtidivoara , ary tany Zambie.

## Nanolotra fikambanana mpiara-miombon'antoka misionera vaovao i Ouganda!

Ny sabotsy 4 martsa no natomboka ny ACEMU (A Consortium of Evangelical Missions in Uganda-Fikambanan' ny misiona evanjelika mpiara-miombon' antoka na Konsorsiaman' ny misiona evanjelika). Ity konsorsioma ity dia dingana iray manan-danja ao amin' ny firenena iray izay mankalaza ny 140 taona nisian' ny Kristianina ary, amin' ity taona ity, ny faha-500 taonan' ny Fanavaozana Protestanta.
"Fisaintsainana ara-tantara notohanana momba ny vinan' ny Reformista mikasika ny iraka: ny antony manosika azy ireo hanao asa fitoriana, ny fomba fiasany ary ny fanoloran-tenany ho amin' ny asa fitoriana dia nanjary fotoana tsara ahafahana mikaroka hatrany ny mety hisian' ny hetsika misionera ho an' i Oganda" hoy izy. Dr . Julius D . Twongyeirwe , talen' ny The Proclamation Task (ny andraikitry ny fanambarana ) ary mpitandrina ny Fiangonana Batista Bere any Kampala.

Mitohy ao amin'ny pejy faha-12




## Ny laharana manaraka

Hodinihantsika ny olan' ny loza mety hitranga amin' ny tontolon' ny iraka. Misiônera maro no mahatsapa ho voantso hanompo any amin' ny toerana izay hiatrehan' izy ireo sy ny fianakaviany ny loza mety hitranga. Ahoana no fihetsik' izy ireo manoloana izany zava-misy izany ary ahoana no hanampian' Andriamanitra antsika hanompo any amin' ireo toerana izay tsy azo antoka foana? Inona no andraikitry ny fiangonana sy ny sampan-draharaha mandefa amin'ny fikarakarana ny misionera?

## Mifandraisa aminay !

Manana fanontaniana momba an' io na mikasika lohahevitra misionera hafa ve ianao ? Inona no lohahevitra tianao ho hita ao amin ' ny Andao ! ? Mangataka ny hevitrareo izahay, mba hahatonga ity gazety ity ho manan -danja sy feno araka izay tratra . Alefaso amin ' ny mailaka ny fanontanianao sy ny hevitrao amin'ny redactrice@sim.org.

# ANDAO ! VAOVAO AVY AMIN' NY FIANGONANA MANENTANA AN' I AFRIKA

Tohin'ny pejy 11

"Nieritreritra sy niasa tamin' ity konsorsioma ity izahay, izay afaka mandeha lavitra amin' ny famporisihana ireo vondrona Kristianina evanjelika hanao asa fitoriana mba hifandray, hifampiresaka ary hiara-hiasa amin' ireo sehatra samihafa ny iraka izay mampiroborobo ny fanaovana mpianatra."

I Dr. James Nsaba Buturo, mpikambana ao amin' ny Parlemanta ary Kristianina malaza eo amin' ny sehatry ny raharaham-barotra no mpandahateny fototra. Nofaranan' i Dr. Buturo ny kabariny tamin' ny fitarihana ireo mpandray anjara tamin' ny 'hetsika fananganana ny konsorsioma', fanambarana/fanamafisana/ filazana ampahibemaso mahafinaritra avy amin' ny fivoriambe.

Natsangana araka ny tanjon' ny AfMA (Africa Missions Association–Fikambanan' ny Misiona Afrikanina) ho an' ny kaontinanta afrikanina ny konsorsioma. The Proclamation Task, ny Fiangonana Batista Bere, ary ireo fiangonana sy fikambanana hafa dia nandray anjara lehibe tamin' ny fananganana izany.

"Raha tsy mieritreritra ny hiara-hivory isika, hianatra avy amin' ny andaniny sy ny ankilany ary hiara-hiasa, dia mety tsy afaka handray ny anjara asa nomen' Andriamanitra ny Afrika araka ny fotoana tokony ho izy, na koa hoe tara loatra aza" hoy ny Dr . Twongyeir, "noho izany dia raisinay ho zava-dehibe eo amin' ny fandaminana ny tenantsika amin' ny asa fitoriana sy amin' ny asa ataontsika any amin' ny sahan' ny misiôna io dingana io. Mivavaha ho anay sy ho an'i Oganda."

# MIVERENA ANY AN-TENDROMBOHITRA

Tohiny pejy faha 8

Ny vaovao momba ireo zava-nitranga dia niely, ary nisy Fiangonana sy olona hafa te-hiditra an-tendrombohitra ho an' ny vavaka fitoriana. Nino izy ireo fa zava-dehibe ny vavaka ary nanampy tamin' ny fitoriana sy ny fametrahana Fiangonana izy ireo. Nahita izy ireo fa ny fifohazana ara-panahy dia nandray anjara tamin' ny lafiny rehetra amin' ny fiainan' ny Fiangonana ary nanampy tamin' ny fitomboany amin' ny ankapobeny. Ny androm-bavaka isan-taona tao amin' ny Tendrombohitra Ambaricho dia nanova fiainana! Ary farany, taorian' ny taona maro nivavahana dia ny mpamosavy faha-22 avy any Aba-Sarecho dia nandray an' i Jesosy ho Mpamonjny manokana.





## Ny fiandohan' ny hetsika fivavahana sy ny iraka

Teraka tao amin' ny faritra Durame aho, ary ny ray aman-dreniko dia mpino animisita talohan' ny niresahan' ny misionera taminy ny momba an' i Jesoa. Nianatra tao amin' ny sekoly kristianina aho, tao izaho no nanaiky an' i Jesoa ho Tompo sy Mpamonjy ahy. Taona maro taty aoriana, voafonja sy nokapohina aho noho ny nanehoako ny finoako tamim-pahavitrihana. Nandritra ny fitondrana komonista, nampianarin' Andriamanitra aho hivavaka matetika sy hanome lanja ny fivavahana mihoatra noho ny traikefa hafa rehetra amin' ny fiainako ara-panahy sy ny asako.

Nandritra ny roa taona, dia nandeha nitsidika ny faritra Kembata Alaba sy Tembaro aho mba hitoriana ny fivavahana, izay nampitombo ny herin' ny fanavaozana. Tamin' izany, dia lasa mpitarika lehibe ny hetsika fivavahana aho, izay nanomboka tao amin' ny Tendrombohitra Ambaricho tamin' ny taona 1999.

Tamin' ny taona 2002, dia nampiasain' Andriamanitra ny zanako vavy efa 14 taona, DiliAb Desta Langena, mba hanome aingam-panahy ho an' ny vina misionera. Nanapa-kevitra izy, niaraka tamin' ny namany dimy, ny hanome 52 birr (manodidina ny US $5,20 tamin' izany fotoana izany) ho fanohanana ny misionera. Lasa talen' ity hetsika ity aho, ary hatramin' izay, dia nampahery anay ny Tompo handefa sy hanohana misionera ho ampahany amin' ny hetsika fivavahana ankehitriny.

Tamin ' ny 8 Martsa 2003 , nisy vondrona vao niforona antsoina hoe Hetsika Vavaka Iraisam - pirenena sy Iraka Ambaricho (AIPM ) nandefa misiônera mpisava lalana ho any amin ' ny vahoaka iray any Etiopia izay miaina tsy misy an' i Kristy izay tena nanohitra mafy ny filazantsara .

Ankehitriny , misionera 346 nalefan ' ny AIPM no miasa ivelan ' ny foko misy azy ireo . Niafara tamin ' ny famonjena olona maherin ' ny 50 .000 sy ny fanorenana fiangonana 759 manerana an' i Etiopia izany ezaka izany.




# VONDRON' OLONA : NY TOAREGY

Mangataha amin' Andriamanitra mba:

- hanampy ny fiangonana kely ny Toaregy hiatrika ny fanamby hanaparitaka ny Vaovao Mahafaly eo amin' ny vahoakany
- hitondra ireo mpitarika manan-kery eo amin' ny Toaregy ho an' i Kristy izay hiteny amin' ny herim-po ny Vaovao Mahafaly
- hiantso mpiasa avy any Nizeria na faritra hafa any Afrika mba hiasa eo amin' ny Toaregy
- hametraka fiangonana mahery vaika eo amin' ny Toaregy

Tamin' ny fiandohan' ny taona 2016, taorian' ny 30 taona niasana mafy nataon' ny ekipa mpandika teny, ny kristianina Toaregy dia nankalaza ny fahavitan' ny fandikana ny Testamenta Vaovao amin' ny fiteniny. "Tsy maintsy mamaky ny Tenin' Andriamanitra isika izao!" hoy ny fanehoan-kevitra nataon' ny mpandray anjara. "Ny mpino tsirairay, na inona na inona asany, dia afaka mampiasa ity Tenin' Andriamanitra ity mba hitondra ny firenentsika ho any amin' i Kristy. Hampiasain' Andriamanitra izany mba hahatratra olona hafa amin' ny alalanay." Ity vina misionera ity dia avy amin' ny loharano marefo. Vitsy dia vitsy ny Kristianina toaregy ao Nizeria (0.01%) - saingy tsy kivy noho ny antontan' isa toy izany ny Fanahy Masina .

Ny Toaregy mpifindrafindra monina, fantatra ihany koa amin' ny anarana hoe Tamajaq, dia monina ao amin' ny faritra iray izay mihitatra hatrany Sahara Andrefana ka hatrany Sodana Andrefana. Inoana fa avy any Afrika Avaratra ireo mpifindrafindra monina ireo, tamin' ny taonjato faha - 7. Tamin' ny faran' ny taonjato faha-14, dia nanorim - ponenana tany amin' ny sisin - tanin' i Nizeria ny foko Toaregy. Ankehitriny, any Nizeria fotsiny, tombanana ho 929.000 ny isan' ny Toaregy.

Izy ireo dia fantatra amin' ny firavaka sy ny haingon-trano vita amin' ny fomba miavaka tsara, ary ny sasany amin' izy ireo dia mitondra mariky ny hazo fijaliana. Na dia very aza ny hevitra niandohan' io hazo fijaliana io rehefa mandeha ny fotoana, dia inoana fa efa tamin' ny vanim-potoana voalohany nisian' ny fitaoman' ny Kristianina tany Afrika Avaratra ireo marika ireo.

## Kolontsaina sy fiainana andavanandro

Ny Toaregy dia miaina amin' ny fiompiana biby. Tsy ampy anefa ny hena sy ny ronono , indrindra mandritra ny taona maina. Ny sakafon' ny Toaregy dia ahitana rononо , daty ary ny karazam-bary (indrindra ny millet). Na dia tian' izy ireo aza ny hena , dia tsy mihinana izany matetika izy . Ny henan 'osy no hena fihinany matetika indrindra . Ny mpifindrafindra monina Toaregy dia mipetraka ao anaty tranolay kely vita amin' ny hoditra , na ao anaty trano bongo. Amin' ny ankapobeny , ny haben' ny tranolay dia eo amin' ny telo sy efatra metatra sy sasany ny sakany . Afaka mitondra ny fananany rehetra amin' ny rameva roa sy ampondra roa ny fianakaviana.

Ny akanjony dia malalaka sy maivana . Ny vehivavy dia manao voaly izay tsy mitovy amin' ireo voaly anaovana any amin' ny tany arabo ; ny lehilahy kosa dia manao saron-doha antsoina hoe tigelmoust . Ny tigelmoust tena tiana indrindra dia ireo nolokoina indigo , fa ny ankamaroan ' ny lehilahy kosa dia manao saron -doha mainty . Ho mariky ny fanajana , dia manarona ny vavany , ny orony ary ny handriny ny lehilahy rehefa miatrika vahiny sy ny fianakavian ' ny vadiny.

## Finoana sy fitoriana

Na dia saika Silamo Sonita avokoa aza ny Toaregy , dia malaza eo amin' ireo Silamo hafa izy ireo noho ny tsy fampiharana ny finoany am- pahamatorana ; Mampihatra ny endrika fivavaha Silamo izay mifangaro amin' ny finoana sy ny majika nentim -paharazana izy ireo. Na dia mankalaza ny Ramadany aza izy ireo , maro ireo hahita fialan - tsiny mba tsy hifady hanina . Ny vavaka no fanalahidin' ny Toaregy hitodika any amin' i Kristy.

SIM By Prayer — AFRICA INLAND MISSION

**ANDAO!** : afrigo.org/andao/ **AFRIGO**:info@afrigo.org **ALLONS-Y!**:info@afrigo.org

**SIM Madagascar**
Tél. : + 261 (0)38 48 756 76
BP 1010 Antananarivo
Madagascar.personnel@sim.org

**SIM Southern Africa**
Tél. : + 27 21 7153200
southafrica.mobilisation@sim.org

**AIM Madagascar**
Tél. : +261(0)320789567
BP 714, Antananarivo
mobiliser-mdg.sr@aimint.org